Alaviro lavitra no sady hialao ity fahalotoana izay noraran'i Tompo Allah ity. Ka izay manao izany, dia aoka Izy hanafina ny tenany amin'ny fiafenan'i Tompo Allah ary hibebaka amin'i Tompo Allah, fa na iza na iza manambara ny fahotany Aminay, dia ho tanterahiko Aminy izay voasoratran'i Tompo Allah, ilay avo Tsitoha

Tatitra azo avy amin'i Abdillahi Ibn Omar (R.A), dia nitsangana ny Irakan'i Tompo Allah rehefa avy nitora-bato an'i Rangahy Al-Aslami ary Niteny hoe : " Alaviro lavitra no sady hialao ity fahalotoana izay noraran'i Tompo Allah ity. Ka izay manao izany, dia aoka Izy hanafina ny tenany amin'ny fiafenan'i Tompo Allah ary hibebaka amin'i Tompo Allah, fa na iza na iza manambara ny fahotany Aminay, dia ho tanterahiko Aminy izay voasoratran'i Tompo Allah, ilay avo Tsitoha."

[Mari-pototra] [رواه الحاكم والبيهقي]

Nitatitra i Ibn Omar (R.A) fa nitsangana i Mpaminany rehefa avy nitora-bato an'i Rangahy Ma'iz ibn Malik al-Aslami ho faty noho ny fijangajangana izay nataony, ary niteny tamin'ny vahoaka Izy ka nanao hoe : Halavironareo lavitra ity fahalotoana ity sy ireo fahotana maharikoriko sy ratsy izay noraran’i Tompo Allah. Izay manao ny iray amin'ireo fahotana ireo dia tsy maintsy aminy ny zavatra roa : Voalohany dia : Tokony hiafina amin’izay nanafenan’i Tompo Allah azy Izy fa tsy hanambara ny fahotany. Faha-roa : Tokony hibebaka haingana amin’i Tompo Allah Izy fa tsy hiziriziry amin’izany. Raha miharihary amintsika ny fahotan’ny olona iray, dia hampiharintsika aminy ihany koa ny sazy izay voalaza ao amin’ny Bokin’i Tompo Allah Ilay Avo Tsitoha noho izany fahotana izany.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/58240